Fanovana ministra sasany 2

**Tsy hahavaha ny olam-bahoaka sy ny firenena miha-potika**

DREN Menabe 6

**Talen-tsekoly nidoboka am-ponja, nanodina volan'ny FRAM**

NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 23 febroary 2023 Laharana 1405 Vidiny : 600 Ar

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto

Magro Behoririka 2

**Fihaonamben'ny TIM**

**Antananarivo rahampitso zoma**

## Fitondrana Rajoelina 3

# Miha-mamay hatrany ny ady anatiny ao aminy



## Filoha Ravalomanana mivady 2

# Nizara traikefa tamin' ireo mpiofana ho mpitandrina



## Niangavy ny Praiministra 3

# Aoka tsy ho sakanana ny hetsika politika, hoy ny TIM



## Rivodoza Freddy 6

# Nandravarava tamin' ny toerana nolalovany



Mananara Avaratra 7

**Miparitaka ny vola sandoka**

Ramatoa Misha avy amin'ny FFAM 3

**Tanora 500 nampiany hiditra amin'ny sehatry ny asa**

Daka kely

Toy ny lelon-jaza mitranga mihemotra hatrany ny fanapahan-kevitrareo ry Boaikely a !

FILOHA RAVALOMANANA MIVADY

# Nizara traikefa tamin'ireo mpiofana ho mpitandrina



*Ny filoha Marc Ravalomanana, tetsy amin'ny FJKM Tranovato Ambatonakanga.*

Nizara traikefa tamin' ireo mpianatra mpiofana ho mpitandrina, tetsy amin'ny Fakiolte momba ny Teôlôjia tetsy Ambatonakanga ny filoha Marc Ravalomanana mivady ny talata lasa teo. Amin'ny maha-mpandraharaha an'izy mivady ary amin'ny maha efa mpitantana azy ireo teo amin'ny sehatry ny firenena ihany koa, ny filoha Marc Ravalomanana, efa filohan'ny Repoblika, ary Neny Lalao Ravalomanana, efa ben'ny tanànan' Antananarivo. Loha-hevitr' izany fifanakalozana traikefa sy fampiofanana izany ny hoe:"ny fahantrana sy ny olona maharesy fahantrana." Nambaran'i Dada tao aorian'ny fotoana, fa " faly aho, tena faly…nomen'Andriamanitra fotoana nahafahako nihaona sy nifampizara taminareo mpampianatra sy Mpianatra mpiomana ho mpitandrina, ny traikefa sy làlana nodiavina ary indrindra tari-dàlana, mba ho « olona haharesy fahantrana anie isika."

***Isambilo***

Magro Behoririka

# Fihaonamben'ny TIM Antananarivo Renivohitra rahampitso zoma

Fihaonamben'ny TIM Antananarivo Renivohitra rahampitso zoma 24 febroary, ao amin'ny Magro Behoririka, ao anatin'ny fanamarihan'ny boriboritany 6 ny Asaramanitry ny taom-baovao 2023. Mpikarakara izao hetsika izao ireo olom-boafidy : depiote sy mpanolotsaina voafidy tamin'ny anaran'ny antoko TIM, ireo avy amin'ny Dis-TIM sy Com-Tim ary Foko-Tim eto an-drenivohitra. Amin' io fotoana io ihany koa no hanohizan'ny ao amin'ny antoko najoron'ny filoha Marc Ravalomanana, hanentanana ny rehetra mbola tsy tafiditra ao anatin'ny lisi-pifidianana ary hanomezana toromarika manodidina ny fifidianana filohampirenena ho avy. Hanomboka amin'ny 9 ora maraina ny fotoana rahampitso io ary ny masoandro hilentika no hampalahelo. Manentana ny rehetra tsy ankanavaka ho tonga maro ny mpikarakara.


***Stefa***



Fiainam-pirenena

# Olom-boafidy sy olom-boatendry

Hita sy tsapa tato ho ato, fa nalaza tokoa teo amin' ny sehatra ara-politika ny maha-olom-boafidy na olom-boatendry ny manampahefana iray. Ny mpiara-monina dia mahatsapa, fa ireo izay voatendry hisahana andraikitra ambony hatrany no tena manimba ny fitantanana amin'ny ankapobeny, hoditr'akondron-dRajoelina, toy ny laza ratsin'ny governora, ny fanovana ny Praiminisitra sy ireo minisitra miaraka aminy, izay efa tsy tantin'ny maro tokoa, ka na ireo mpiara-mitolona aminy aza dia manenjika sy manaratsy avokoa. Vao voatendry ireo mpikambana vaovao ao amin'ny governemanta ohatra, dia ry Naivo Raholdina no mbola tsy afa-po, toy izany koa ny depiote Rossy, izay efa naniry minisitra vaovao eo amin'ny zavakanto sy kolontsaina, nefa dia ny eo ihany no eo. Tsorina fa na ireo marobe ao amin'ny Antenimierandoholona aza dia efa tsy ankatoavin'ny rehetra ihany koa, mandany ny volam-panjakana nefa tsy misy zavatra mivaingana mba vitany, nefa dia mahazo tombontsoa hatrany. Ny any Bongolava ohatra hafa koa, mitohy tsy ankiato ny fitakiana ny fialan'ny governora izay tsy hafa fa mpiray antoko amin-dry Lalatiana Rakotondazafy sy ry depiote Fetra Rakotondrasoa ihany, manafintohina ny ben' ny tanàna sy ireo mpiaramonina marobe any antoerana tokoa, na mpomba na tsia izao fitondrana izao. Ny tao amin'ny Antenimierampirenena moa dia efa hita mazava ireny sonia 105 ireny, fa ny Praiminisitra mihitsy izay notendren'ny filoha no efa tian-dry zareo ovaina, nefa dia ny teo ihany no teo, ary ireo mpanohana ihany koa dia nivadi-dela tamin'ny farany sao very fihinanana sy seza eo angamba. Raha ny zavamisy eto amintsika arak' izany, toa manana ny lanjany ny olom-boatendry noho ny olom-boafidy, ny mifanohitra amin'izany anefa no tokony ho tena izy.



*Ny lapan'ny loholon'i Madagasikara ,izay efa nambarandRajoelina fa ho foanana, nefa amin'izao mbola mandany ny volam-panjakana koa.*

***Beharo***

## Ny Valosoa sy fakafaka

Fanovana ministra sasany

# Tsy hahavaha ny olambahoaka sy ny firenena miha-potika hatrany

Hitondra inona intsony amin'izay fihatsaran'ny fiainam-bahoaka ny famenoana ny toerana banga, na ny fanoloana minisitra eo anivon'ny governemanta. Fanapahan-kevitra mba hatao fotsiny angaha ka mba atao, fa efa taraiky raha tarafina amin'ny fe-potoana iasan'izao fitondrana izao. Amin'ny fijery iray, dia fihetsika politika hanampena-maso ny vahoaka fotsiny ihany izany, fa efa latsaka lalina tanteraka amin'ny fahantrana sy ny fahoriany ny firenena amin'izao fotoana izao. Amin'ny lafiny iray koa anefa, dia kajy politika ihany fikendrena ny tanjona amin'ny fifidianana, ary ekipa natao hiasa ho amin'izany ireto farany noraisina ireto. Tsy maintsy nasiana fanoloana ilay ekipa nolazaina fa nifantenana ny atidoha amin'ny fahaizana amam-pahalalana nanaovana angoan-tenda tamin'ny fitaovantserasera maro samihafa. Maneho, ny tsy fahombiazana tamin'ny asa aman'andraikitra amin'ny fitantanam-pirenena nampiandreketina azy izao fihetsika izao.

Tsy afak'olana ny sokajin'olom-pirenena maro samihafa eto amin'ity firenena ity tato anatin'izao fitondrana izao. Tsy maintsy misy hatrany ny lasibatra vokatry ny tsy fahaiza-mitantan'ny fitondrana. Ary tsy ny mpiasa ihany no iharan'izany, eo amin'ny fivelomany, fa hatramin'ny mpianatra ihany koa amin'ny trano fonenany na vatsim-pianarany, na ny fiantohana nampanantenaina azy toy ny manjo ireo ao Maroc. Tsy nisy fitsaharany ireo endrika samihafa nanjo ny vahoaka ireo, ny mpiasa, ny mpianatra, ny ray aman-dreny. Ankoatra ny fahasahiranana amin' ny fiainana andavanandro, ny zava-doza mamono ny vahoaka, dia ny resaka tsy fandriampahalemana. Niha- loza ny habibiana nitranga tato ho ato, dia ny nisian'ny fanapahan-doha maromaro tany amin'ny faritra samihafa, indrindra tany atsimotsimo tany. Miendrika fahapotehan'ny firenena izany, kanefa olana zary tsy voavahan'ny fitondrana. Ny momba ny vaky fasana, ny fakàna voamason'olona tsy ankifidy na kely na lehibe. Loza manjo ny firenena izay tsy ahitan'ny fitondrana izao vahaolana izany. Andrasana ho poitka bebe kokoa noho izao ve ity firenena ity vao samy ho tonga saina? Hoy ny olompirenena iray izay. Ny olom-pirenena eto amin'ity firenena ity, any aminy ny vahaolana amin'izany.

***Sôh'son***

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Felantsoa R.**

## Ny Valosoa sy hadihady

### Fitondrana Rajoelina

# Miha-mamay hatrany ny ady anatiny ao aminy

Tsy araka ny nanampoizana azy araka ny tokony ho izy ny fanovàna ny mpikambana ao amin'ny governemanta Ntsay Christian, satria efa tratry ny fitsipaham-pitokisana napetraky ny solombavambahoaka dimy ambizato ary natsangana tamin'ny fotoana tsy naha teto an-tanindrazana ny filohan'ny Repoblika. Tsy misy mahafantatra na efa nifanarahan'izy mirahalahy izao tranga izao na tena afaka manao rano dikain'ny zina ny Praiminisitra, satria manana ny olona ao an-damosiny manohana azy ary tsy voafehin'ny filohan'ny Repoblika. Raha ny lalàna velona no jerena dia tsy « nitsefotra » araka ny lazaina ombieny ombieny ilay fitsipaham-pitokisana, satria azo lazaina fa vain'afo eo ambony lohan'ny fitondrana izy iny. Niaraha-nahita fa na ireo depiote voafidy tamin'ny anaran'ny IRD aza dia tsy afa-po tamin'ny fanoloana ireo minisitra valo nesorina satria misy hafa izay tsy nahavita ny asany sy tsy naharaka ny hazakazaky ny filohan'ny Repoblika hono, sady nanitsaka ny andraikitry ny hafa ihany koa. Tsy takona hafenina ihany koa fa misy amin'ireo nesorina tamin'ny toerany dia fampandriana hadrisa ataon'ny mpitondra fotsiny ihany, ka anisan'izany ny ministry ny Angôvo sy Akoran'Afo izay anisan'ireo mpanohana mahafatra-po ny filohan'ny Repoblika Rajoelina ary nampanantena ny fanafoanana ny delestazy. Raha ny resaka Jirama no antony nanesorana azy dia inona moa ny tena manavanana sy faripahaizan'ny tale jeneralin'ny SPM sady filohan'ny Filankevi-pitantanan'ny Jirama notendrena ho minisitra, satria sehatra samy hafa tsy misy ifandraisany ireo. Ny tena manahirana dia hanaovana tolobarotra iraisam-pirenena sy eto an-toerana (appel d'offre international sy national) hono ny Jirama araka ny kabarin'ny minisitra vaovao, ka hialan'ny fanjakana ve izany ity orinasam-pirenena ity, fa omena ny mpandraharaha tsy miankina, toy ny Telma izay lasan'ny karana ? Tsy nosoloina ny ministry ny Tontolo Iainana kanefa dia maro ireo ala eo anivon'ny valan-javaboahary arovana no may kilan'ny afo ary tapimaso sy vonjy tavanandro ihany ny fambolen-kazo nataon'ny fitondrana farany teo, satria tany amin'ireny valan-javaboary rotiky ny afo ireny no tokony nanaovana izany. Tsy andraikitry ny filohan'ny Repoblika ny manao asa sosialy sy mizara vary masaka, satria fara-faharatsiny dia misy minisitera afaka miandraikitra izany. Araka izany dia nisy ve ny tombana nataon'ny mpitondra nentina nitazonana na nanesorana ny minisitra rehetra nialohan'ny nandraisana fanapahan-kevitra. Heverina kosa fa tena hadisoana mihoapampana no nataon'ny minisitry ny Fitsarana teo aloha tamin'ny nanapahany ny karaman'ireo mpirakidraharaha nitokona, satria zon'ny mpiasa na amin'ny sehatra miankina na tsy miankina amin'ny fanjakana ny mitokona rehefa misy toe-draharaha tsy mifanaraka amin'ny lalàna mifehy ny asa, na misy zo tokony sitrahana nefa tsy omena ny mpiasa. Araka izany dia azo ekena ny nanesorana ity minisitra ity, saingy manana ny fahaiza-manao sy traikefa takian'ny andraikitra hapetraka aminy ve ny minisitra vaovao sa misy antony hafa nisafidianana azy. Nahagaga kosa ny nanesorana ny jeneraly minisitry ny Firaovam-pirenena sady minisitry ny Raharaham-bahiny mpisolo toerana azy, kanefa raha nisy mpiaro an-dRajoelina Andry, tsy ny andrim-panjakana no narovany fa ny olona, filohan'ny andrim-panjakana. Ambonin'izany dia ity jeneraly ity no nanao sonia tany Moscou ny fifanarahana ara-tafika tamin'ny Rosiana ary heverina, fa izay no anisan'ny nanendrena azy ho minisitry ny Raharaham-bahiny, mba nampisehoana fa tsy nifanaraka amin'ny Iàlantsain'ny fitondrana Rajoelina Andry ny nanameloka ny Rosiana amin'ny fananihambohitra ataony any Ukraine. Araka ireo minisitera notsongaina ireo dia maizina tanteraka ny antony sy ny fepetra nisafidianana ary ny tanjona tamin'ny fanendrena sy fanesorana ireo minisitra ireo. Na izany na tsy izany dia azo inoana fa tsy hampivoatra sy tsy hampandroso ary tsy hanafaka ity Firenena ity amin'ireo loza sy krizy iainana nandritra izay efatra taona izay ny fanoloana minisitra valo amin'ireo telopolo. Fihetsika (parade) entina mamono lolo ny mpifanandrina toy ny fanaon'ny « tompondaka » amin'ny haiady ihany izao ataon'ny fitondrana izao, kanefa tsy tokony ho ao an-tsaina mandrakariva fa tsy sarotra ho an'ny mpisehatra zatra ady ny manavaka izay mety mahomby sy mety handavo. Ankoatra izany, miha-mamay hatrany ny ady anatiny ao amin'ity fitondrana Rajoelina ity, tsy faly amin'ny tsy nanesorana ny ministra Lalatiana ry depiote Rossy sy Naivo Raholdina, fantatra koa izao araka ny resaka nataon'ny jeneraly Lilyson mivoaka amin'ny tambazotran-tserasera, fa te ho sekreteram-panjakana amin'ny zandarimariam-pirenena (SEG) izy, midika izany fa vaky koa ny ady eo aminy sy ny SEG amperinasa ny jeneraly Serge Gellé.


*Andry Tsiavalona*

Ramatoa Misha avy amin'ny FFAM

# Tanora 500 nampiany hiditra amin'ny sehatry ny asa

Malagasy isika, miteny foana hoe fitiavan-tanindrazana, hoy ny FFAM na "Force féminine d'aide mutuelle", izany hoe ny fikambanan'ny vehivavy ho fanampiana ny mpiara-belona afak'omaly tetsy amin'ny Espace Anjara Tiavina Anosizato. Hatraiza ilay fitiavantanindrazana, hoy ny filohan'izy ireo, Misha Rasolofo. Tsy tokony hiandrasana olon-kafa foana ny fandraisana andraikitra. Raha samy mahatsapa tena handray ny andraikitra tandrify azy ny tsirairay dia ho tratra ilay tanjona dia ny hoe miaina anaty firenena mandroso, feno filaminana, hananana taranaka vanona. Fampianarana an'izay ho an'ny tanora no natao, fizarana traikefa ihany koa eo amin'ny raiamandreny sy ny zanaka, izay tena tsy ampy amin'ny tanora. Lasa mandeha amin'ny lalan-diso ny ankizy, satria variana amina zavatra hafa. Aoka tsy hiandry toerana hoe aleo aho minisitra mihitsy, na depiote, na manana miliara vao hanampy ny tanora. Tsy izay no atao hoe fitiavan-tanindrazana. Afaka entina hanampiana mpiara-belona daholo na kely aza no eo am-pelatanana rehefa ao ilay fitiavana sy finiavana. Ny ataonay izao satria mety tsy manana fahafaha-mifandray mivantana amin'ireo mpandraharaha ny tanora dia anjaranay izay manana an'izany no mampifandray hoe: misy tanora ireto sao dia mba misy asa ho azy ireo ao aminareo. Isaorana ireo orinasa nanampy manoloana izany, satria dia manodidina ny 500 isa izao, no nahazo asa vokatr'izay fiaraha-mientana sy miasa izay, hoy hatrany ny FFAM. Araka ny fanamarihana, tanora manan-talenta amin'ny fitsaboana nentim-paharazana izay niofana teo anivon'ny mpitsabo malagasy FITRAMA, ireo nampiana hiditra amin'ny sehatra matihanina ireo.

*Niaina*



*Madame Misha avy amin'ny FFAM (ankavanana).*

TONONKALO

## FANOVANA GOVERNEMANTA ?

Fanovana governemanta? Aminay dia fandrebirebena.
Tsisy andrasanay ny amin`izany f`efa potika ny firenena!
Fanalana ilay andry efa boboka, izay no heverinay ho vahaolana.
Lera izao, tsy azo asiana hatak`andro, tsy ao iandrasana taona sy volana !

Fanovana governemanta? Fanodinana saina no dikany.
Tapi-dalan-kaleha ny mpitarika, ka dia io no hany sisa mba "fikany"!
Tsy hiteraka vokatra tsara , fa vao mainka hampihena ny heriny.
Ireo alana, azo inoana avy hatrany, ho mpanohitra indray ny fijeriny !

Fanovana governemanta? Azo ambara fa tena efa tara.
Efa impiry naneno rey olona na ny anjombona na ny anjomara,
Izay nitaona ary koa nampahatsiahy, sy nilaza fa tonga ny lera,
Hanesorana ilay raikalahy efa lo sy efa matin-tsikera !

Fanovana governemanta? Dokotera aorianan`ny fasana!
Tsy izany no mbola ilaina, tsy izany no mbola andrasana.
...Fifidianana tena madio sy anjakan`ny mangarahara,
Izany sisa no lalana tokana hanavotana ity Gasikara !

*IRINA HO TAFITA (18-02-23)*

NIANGAVY NY PRAIMINISTRA

# Aoka tsy ho sakanana ny hetsika politika, hoy ny TIM



Nanatitra taratasy teny amin'ny Praiminisitra lehiben'ny governemanta, teny Mahazoarivo ny birao politika ny TIM afak'omaly, mikasika ny fanakantsakanana atao rehefa maneho hevitra ny antoko politika, indrindra ny TIM, na ny Tiako i Madagasikara. Aoka tsy ho sakanana ny hetsika politika hoy ny TIM tao anatin'izany taratasy izany. Milaza foana ireo mpitandro ny filaminana, fa baiko avy any ambony no tanterahin'izy ireo, hoy ny sekretera jeneralin'ny antoko Rina Randriamasinoro, ka noho izany indrindra no nanatonany nivantana teny ifotony. Votoatin'izany taratasy izany koa ny mikasika ny asan' ny antoko politika, amin' izao ankatoky ny fifidianana izao, manoloana ny fanakantsakanana misy. Araka ny lalàna mifehy ny antoko politika, dia manana zo hanao hetsika ho famelomana ny mpikambana ao aminy sy ny olom-pirenena rehetra ny antoko Tim, hoy i Rina. Manan-jo hanao fanentanana sy fanofanana ary fanabeazana ny olompirenena ihany koa izy. Tato ho ato nefa dia tratran'ny sakantsakana sy fampihorohoroana ataon'ny tompom-pahefana foana izay hetsika atao, toy ilay teny Talatamaty farany teo, izay nanomboka teny Faravohitra, niandrasan' ireo mpitandro filaminana ny vavahadin'ny filoha Marc Ravalomanana, ary ny saika hanakanana ny hetsika fifampiarahabana nahatratra ny taona teny Talatamaty distrikan'Ambohidratrimo. Tsy manaja ny « neutralité de l'administration », na ny tsy fombana ny atsy na ny aroa ny Prefet sy ny sefo distrika, satria manome baiko ireo mpitandro filaminana hanakana ny hetsika. Eo koa ny fampiatoana tsy ara-drariny ireo sefo fokontany sy ireo mpiara-miasa aminy, izay ataon'izy ireo, ka ametrahany izay olona tiany apetraka eo, tsy manaraka ny fenitra. Noho izany , ny antoko Tim dia mangataka amin'ny Praiminsitra, mba handray ny andraikiny manoloana ireo tsy fanarahan-dalàna ireo, amin'ny maha lehiben' ny OMC azy.

*Isambilo*

# TIAKO I MADAGASIKARA

Arrêté N° 22 828 2014; registre N° 161/2014 au Registre National des partis politiques

Antananarivo, le 21 février 2023

A

**Monsieur LE PREMIER MINISTRE,**
**CHEF DE GOUVERNEMENT**

Monsieur Le Premier Ministre,

Considérant les dispositions de l'article 55 de la Loi Organique n°2018-008 relative au régime général des élections et des référendums et celles de l'article 26 de la Loi n°2011-012 relative aux partis politiques ;

Et, vu la publication du calendrier électoral des Elections Présidentielles proposé par la Commission Electorale Nationale Indépendante et l'avis de conformité à la Constitution émis par la Haute Cour Constitutionnelle ;

Le Parti «Tiako I Madagasikara» (TIM), parti politique légalement constitué suivant l'Arrêté n°22.828 et l'inscription au Registre National des Partis Politiques sous n°161/2014, a le droit et le devoir de : participer à l'animation de la vie politique ; participer activement à la moralisation de la vie publique ; former ses membres ; sensibiliser les citoyens à participer à la vie publique et politique ; rendre compte en matière politique.

Cependant, plusieurs activités, préparées et programmées par le parti, dans l'exercice de ses droits et devoirs (Redynamisation, célébration d'anniversaire, compte-rendu et information politique, formation, sensibilisation, …) ont été interdites, annulées et perturbées par les forces de l'ordre sur instruction des représentants de l'Etat (Préfet et Chef de District).

Pour illustration, nous vous résumons le cas qui s'est passé le 19 février dernier :

Nous avons été invités par les membres du parti dans la Commune de Talatamaty pour une cérémonie de présentation des vœux de nouvel an et des activités de sensibilisation dans le cadre de la refonte des listes électorales. Et, comme réponse, des Gendarmes en tenue et armés ont été placés depuis le portail de la résidence du Président National du Parti TIM jusqu'au lieu de réunion pour perturber et intimider afin d'annuler la rencontre. Des ordres ont été donnés, par les Autorités, à toutes les salles de réception dans la Commune de ne pas recevoir et organiser la cérémonie. Des photos prises sur les lieux sont jointes à la présente.

En prenant ces mesures d'intimidation, d'interdiction, d'annulation et de perturbations, les Représentants de l'Etat font des activités de terrorisme politique, pour limiter les libertés fondamentales, par le biais des forces de l'ordre sous prétexte de préserver l'ordre public.

Or, selon la Décision n°15-HCC/D3 du 03 mai 2018 portant sur la Loi Organique n°2018-008 relative au régime général des élections et des référendums, les restrictions à la liberté de réunion en période électorale doivent être justifiées par une menace réelle pour l'ordre public. Les rares réunions que nous avons pu tenir se sont déroulées dans le calme et aucun trouble à l'ordre public n'a été constaté.

En outre, des Représentants de l'Etat (Préfets, et Chefs de District) ne respectent plus la neutralité de l'Administration en prenant des mesures de pression et d'intimidation en lien avec les préparatifs électoraux, comme les limogeages arbitraires des Chefs de Fokontany et leurs remplacements non conformes aux dispositions réglementaires en vigueur.

Par la présente, nous condamnons fermement ces activités d'intimidation et de terrorisme politique qui bafouent et foulent aux pieds les principes fondamentaux de liberté de réunion et d'expression en particulier et de la Démocratie en général.

Ainsi, pour pouvoir instaurer un environnement favorable et un climat apaisé pour des élections crédibles, nous vous demandons, Monsieur le Premier Ministre, en tant que Chef de l'Administration et Président de l'Organisme Mixte de Conception National (OMC Nat), de prendre toutes les mesures nécessaires pour :

- Faire cesser immédiatement toutes ces activités d'intimidation et de terrorisme contre les partis politiques d'opposition,
- Sanctionner les Représentants de l'Etat qui n'ont pas la volonté de respecter la neutralité politique de l'Administration.

Comptant sur votre patriotisme pour l'intérêt supérieur de la nation et espérant une prise de responsabilités rapide de votre part, veuillez recevoir, Monsieur le Premier Ministre, l'expression de mes respectueuses salutations.

**Le Président National**

BIRAO NASIONALY Tiako i Madagasikara

**Marc RAVALOMANANA**

Copies à :

- SEM le Coordonnateur Résident du Système des Nations Unies ;
- SEM le Représentant Résident de l'Union Africaine à Madagascar ;
- SEM l'Ambassadeur de l'Union Européenne
- SEM l'Ambassadeur de France;
- SEM l'Ambassadeur de l'Allemagne;
- SADC
- Monsieur le Président de la CENI
- Monsieur le Ministre de la Défense Nationale
- Monsieur le Ministre de la Sécurité Publique
- Monsieur le Secrétaire d'Etat en charge de la Gendarmerie

**PJ : Photos en date du dimanche 19 février 2023 et du lundi 20 février 2023**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka

**Neny sy ny filoha Marc Ravalomanana, nihaona sy nifampizara fahalalana, tamin' ireo mpampianatra sy mpianatra miomana ho mpitandrina, tao amin'ny FJKM Tranovato Ambatonakanga ny talata teo.**











## NY TENY FIAINANA

*Tandremo mba tsy hisy hamaly ratsy olona; fa miezaha mandrakariva hitady izay tsara, na amin'ny namanareo na amin'ny olona rehetra.*
***I Tesaloniana 5:15***

PLAY OFF UCEF CHALLENGE U17, 2022

# Ny Academy Buffalo no nibata ny amboara

Tontosa tamin'ny faran'ny herinandro lasa teo, teny amin' ny Kianjan'Alarobia , ny lalao famaranana ny Play Off UCEF U17. Tonga nanome voninahitra sy nanotrona ny "***Union des Clubs et Ecoles de Football***" sy ny Cua, izay mpikarakara ny fifaninanana tamin'izany ny Filohan'ny Commission Football des Jeunes ao amin'ny FMF, **RAHARIMINO Mario Rosario**. Norombahan'ny ekipan'ny **Academy Football Buffalo** ny amboaran'ny Play Off izany . 7- Coach Herofoot - Révelation coach Orange Challenge U17 édition 2022. Ireo notolorana loka : 1- Etoile Filante - Champion Orange Challenge U17



*Ekipan'ny Academy Buffalo teny Alarobia.*


édition 2022 2- Academy Buffalo - Vainqueur play-off Orange Challenge U17 édition 2022 3- 67 City Fc - Vice-champions play-off Orange Challenge U17 édition 2022 4- Massinga (Étoile Filante) - Meilleur buteur Orange Challenge U17 édition 2022 5- Christian (Academy Buffalo) - Meilleur joueur Orange Challenge U17 édition 2022 6- Navalona (Academy Buffalo) - Meilleur gardien Orange Challenge U17 édition 2022. Nahitana mpandray anjara 12 izy tamin'ity taom-pilalaovana ity, ka ny 8 voalohany nandritry ny fifaninana no nanao "Play off". Ny tanjona dia ny hamorona "Championnat" ho an'ny sokajy zandriny, hahazoan'izy ireo misitraka lalao maro. Nankasitraka ny mpikarakara ary nisaotra ny mpanohana rehetra ny Filohan' ny Commission Football des Jeunes, no sady nanentana ny rehetra, mba hanohana ireo tanora araka ny teny filamatra: "***Investir dans le Football des Jeunes, gage de pérennisation***". Marihana fa ny ekipan'ny **Etoiles filantes** no tompondaka nandritry ny Championnat.

***Rainilita***

Firenena hiatrika ny Lalao'ny Nosy 2023

# Norebirebena tamin'ny fivoriana nampitain-davitra

Nanatanteraka fivoriana ara-tekinika nampitain-davitra sy tanaty efitrano ireo Federasiôna ara-panatanjahantena miisa 23, avy amin'ireo Nosy miisa 7 mpandray anjara amin' ny Lalaon'ny Nosy, niraka tamin'ireo mpikambana amin'ny CIJ sy ny Filohany, Antonio GOPAL tamin'ny faha-13 ka hatramin'ny faha-18 febroary 2023 lasa teo. Fivoriana izay nandrafetana sy nanitsiana ireo fitsipika ara-tekinika amin'ireo taranja 23 handraisana anjara amin'ity Lalaon'ny Nosy ity, ka nampitoviana lenta amin'ny lalàna mifehy ny



*Fivoriana nampitain-davitra JIOI 2023.*

fanatanjahantena iraisampirenena izany. Nodinihana ihany koa ny andinindininy rehetra mahakasika ny mpandray anjara, ny isan'ny mpitsara, ny halavan'ny fotoana hanatanterahana ny taranja iray ary ny lafiny ara-teknika mikasika ny fitaovana rehetra ilaina amin'ny fifaninanana. Misy araka izany ny fanitsiana ny fikarakarana rehetra amin' ny fandraisana ity lalao ity, na eo amin'ny lafiny ara-bola, ny trano fandraisam-bahiny na koa eo amin'ny lafiny fitaterana. Tsy nampisehoana ny zava-misy eo amin'ny fikarakarana foto-drafitrasa handray an'ireo fifaninanana ireo mpikambana ao amin'ny CIJ, sy ireo tompon'andraikitra avy amin' ny Nosy mpandray anjara, ka nahasahy nanamafy ny fahavononan'izy ireo hiatrika an'io Lalaon'ny Nosy 2023 io.

***Rainilita***

Basket Young Coach tany Manakara

# I JAONA Andriamiarimisa Eliezera no "Major de Promotion"

Tamin'ny alahady 19 febroary 2023, no fotoana namaranana ny "Formation YOUNG COACH", fampiofanana ho Mpanazatra Baskety izay natao tany Manakara rehefa nanomboka tamin'ny 13 febroary 2023 lasa teo. "TAFITA" no anarana nisaloran'ity andiany mpandray anjara tamin'ity fiofanana ho Mpanazatra Basketball ity, ka voafidy ho "Major de Promotion", nahazo ny isa ambony indrindra nandritra ny fiofanana tamin'io mpandray anjara niisa 21, ny Mpanazatra JAONA Andriamiarimisa Eliezera avy ao amin'ny Klioba ASBM Manakara , Ligy FITOVINANY. Nisy ny fanolorana MARI-PAHAIZANA avy amin'ireo Mpampiofana "


*JAONA Andriamiarimisa Eliezera "Major de Promotion".*

Instructeurs" mirahalahy, izay natao tao amin'ny Restaurant "LA RÉSIDENCE" Manakara, an' ireo mpiofana niisa 21 mirahalahy. Nahafapo ny fiofanana natao tao Manakara ary tanjona ny hanomezana fiofanana amin' ireo Ligim-paritra maro araka ny nambaran'ny Tale Teknika Nasiônaly, sady " Instructeur FIBA Afrique" RAZAFIARIVONY Angelot, iray amin'ireo mpampiofana. Mametraka ho zava-dehibe ny fiofanana ho an'ireo Mpanazatra tsy an-kanavaka ny CEBB, ka antony mahatonga azy ireo midina ifotony mitondra fampiofanana, mba hitovy lenta avokoa ny fahaiza-manao'ireo Mpanazatra rehetra eto Madagasikara raha ny nambaran'ny Filoha CEBB Nasiônaly RAJONSON Francky. Tonga nanotrona an'ity lanonana ara-panatanjahantena ity ny Filohan'ny Ligim-paritra FITOVINANY, no sady mpiofana ihany koa . Tao ihany koa ny Filohan'ny Ligim-paritra ATSIMO ATSINANANA, miampy ny Solontena avy amin'ny DRJS FITOVINANY, sy ny CEBB Régional FITOVINANY.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Henakisoa sy poireaux** indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Atao ketsaketsa izany, na atao ridritra ihany koa. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ny soa azo avy amin'ny larontsakafo graine de sesame blanc




Ny soa azo avy amin'ny larontsakafo: graine de sesame blanc nature indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ny fihinanana azy dia hahazoana:
-Be vitamina B , be fibre , be kalsiôma, be magnesium , be protein.
- Tsara ho an'ny volo.
- Tsara ho an'ny hoditra.
- Tsara ho an'ny maso.
- Tsara ho an'ny vehivavy misy kyste sy fibrôma.
- Manala tavy.
- Mampatanjaka hery fiarovana.
- Tsara ho an'ny olona manana olana taovam-pisefoana.
- Manala fanaintainana.
- Tsara ho an'ny olona diabetika.
- Manampy amin'ny fandevonan-kanina.
- Miaro sy miady amin'ny aretina cancer na homamiadana.
- Mampilamina tosi-drà avo.
- Manala cholesterol ratsy amin'ny vatana.
- Mampidina tahana stress na rarintsaina.
- Tsara ho an'ny mararin'ny rhumatisme, ny marary vanintaolana.

Afangaro amin'ny sakafo ny graine de sesame blanc nature ity.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'i Saromaona any amin'ny distrikan'i Mananara Avaratra faritra Analanjirofo

Ny tanànan'i Saromaona any amin'ny distrikan'i Mananara Avaratra faritra Analanjirofo indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Saromaona ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 16 mandrafitra ny distrikan'i Mananara Avaratra. Any afovoany andrefan'ny faritra Analanjirofo no misy azy. Efa azo lazaina ho avo toerana izy, satria 669 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary, ny jirofo, ny kafe, ny lavanila. Ny voankazo isan-karazany toy ny manga, ny letchi, ny akondro.





VOKATRY NY RIVODOZA

# Mitondra fanohanana tsy tapaka ny Telma

Manoloana ny fandalovan'ny rivodoza "Freddy" eto Madagasikara, ny orinasa Telma amin'ny maha mpiara-miombon'antoka ara-tantara sy ôfisialin'ny BNGRC « Birao Nasionaly misahana ny fitantanana ny loza sy tandindon-doza», sy amin'ny maha mpandraharaha manana tambazotram-pifandraisan-davitra lehibe indrindra azy eto Madagasikara, dia mitondra ny fanohanana tsy tapaka ho an'ny Malagasy, sy ny tompon'andraikitra mahefa eo amin'ny fitantanana mialoha sy mandritra ary aorian'ny fandalovan'ny rivodoza. Teknisiana miisa 35 sy mpiasa « agents d'intervention » no vonona hihetsika avy hatrany amin'ny fitandroana ny tambazotra Telma : Ankazobe, Antananarivo, Analavory, Ambatolampy, Ambositra, Belo Tsiribihina, Miandrivazo, Ikalamavony, Ambohimahasoa, Fianarantsoa, Ambalavao, Ihosy, Iarintsena, Andranovory, Moramanga, any Andekaleka, Vatomandry, Mahanoro, Andavarangana (faritra Marolambo), Antsenavolo, Manampatrana, Manakara ary Farafangana. Miaramiasa ny TELMA sy ny BNGRC amin'ny fandrindrana ny asa mifandraika amin'izany, indrindra ny fandalovan'ny rivodoza FREDDY, tamin'ny alin'ny talata 21 febroary lasa teo. Anisan'ny tohana nomeny ny BNGRC ny fanapariahana goavana ny "SMS broadcast", ny fanatsarana ny « fibre optique », sy ny famatsiana fitaovana NICT (smartphone, mobile data and fleet), ho fanampiana an'ireo traboina noho ny loza nateraky ny toetr'andro. Marihana fa taorian' ny fandalovan'ny rivodoza trôpikaly CHENESO tamin'ny volana janoary 2023, niaraka tamin'ny fandrindran'ny BNGRC, dia hafatra 2,6 tapitrisa no niparitaka ara-potoana ho an'ny mponina tany amin' ireo Faritra voakasiky ny loza, mba nihomanana tsara tamin'ny loza mety hitranga eny an-kianja. Araka ny fanazavan'ny tale jeneralin'ny BNGRC, ny Jeneraly Elack Olivier Andriakaja : "Ny tanjon'ny BNGRC, amin'ny alalan'ireo fiaraha-miasa eo amin'ny fanjakana sy ny tsy miankina ireo, dia ny handrindra tsara ny hetsika eo amin'ny fitantanana ny loza sy ny tandindon-doza, ho an'ireo mpisehatra amin'ny lafiny maha-olona eto Madagasikara, mba hanamaivanana ny voka-dratsin'ny fiainan-tokantrano ny olona aorianan'ny loza.

***Rainilita***



***Teknisiana nandritra ny fandalovan'ny rivo-doza teto Madagasikara.***

Mpanakanto « Jenner »

# Mahafehy gadona maroloko

Jenner, mpanakanto vao erotrerony, Zanak'Ambatondrazaka. Ny fivoizana ny gadon-kira mihetsika toy ny zouk love no ilofosany. Mampiavaka azy ny fananana tononkira mirakitra hafatra mafonja, voarindra amin'ny endrika kanto hanjary mozika lafatra sahaza ny Ambanilanitra. Tsy atoro voanjo adiana amin'ny famolahana ny bankira milamina « Slow » koa anefa i Jenner. Amin'ny ankapobeny ny famoaboasana ny lafiny fitiavana eo amin'olon-droa sy ny fivazoana ireo endrimpiainana marolafy no ventesin'i Jenner anatin'ireo tononkirany. Tombony ho an'ity mpanakanto ity ihany koa ny talenta ananany eo amin'ny sehatry ny famoronana tononkira sy ny fananana feomanga rakotra angola . Nomarihan'i Manager Tojo, mpiahy an'i Jenner, fa mpanakanto notrandrahana ifotony i Jenner ary mahafeno ny fepetra takian'ny fisalorana ny anarana hoe : « Mpanakanto ». Ampahany amin'ireo sanganasan'i Jenner efa maro mpankafy ny « Basin'ariary fito », « Malalako Ianao », « Tatianah ». Ny 08 martsa ho avy izao no hiaka-tsehatra, any Amboasary Gara Ambatondrazaka i Jenner. Hitohy ny Alatsinain'ny Paska izany. Tanjona ho azy ny ho matihanina amin'ny filalaovana ny mozika. Misokatra malalaka amin'ny fiaraha-miasa ho fanabeazam-boho ny mozika malagasy i Jenner sy ny « Tojo prod », izay tsy mikely soroka amin'ny fanampiana ireo mpanakanto ho tonga amin'ny sehatra matihanina.

***Lalasoa Razafindrakoto***




***Jenner, mpanakanto feno ny tovolahy.***

DREN Menabe

# Talen-tsekoly nidoboka am-ponja, nanodina volan'ny FRAM

Notanana am-ponja vonjimaika ny talen'ny CEG CENTRE Morondava faritra Menabe, voalaza fa nihinana ny volan'ny Fram sy ny fanaovana faktiora hosoka. Raha tsiahivina ny tantara dia nitokona ireo mpampianatra tao amin'ny CEG Centre, satria tsy nisy fitaovana entimampianatra ny faha 9 janoary 2023 ary nangataka ny hanalana ny talen-tsekoly. Voasolo ny talen-tsekoly, saingy tsy nivaha ny olana satria tsy nisy vola intsony, ka namory ireo ray aman-drenin'ny mpianatra ny Feffi nanao tatitra ny zava-nisy sy nitady vahaolana, ka niverina nanao volavolam-pandaniana vaovao hahafahana mamita ity taompianarana ity izy ireo, ka mbola mitotaly 6 tapitrisa Ariary no ilaina hahafahana mamita ity taompianarana ity. Tapaka tamin'izany, fa hanao tatitra sy hitady vahaolana eny amin'ny Cisco; rehefa tonga teny anefa ireo biraon'ny Feffi dia tsotra ny valin-tenin'ny sefo Cisco, havorio hoy izy, ireo ray aman-dreny dia asaina mandoa latsakemboka indray, nandà izany anefa ireo biraon'ny FEFFI, ka nangataka alalana tamin' ny sefo Cisco, mba hahafahan'izy ireo mangataka amin'ireo tsara sitrapo toy ny EVEKA, saingy nolavin'ny sefo Cisco. Mahamenatra izany hoy izy, fa andao havory ny ray aman-drenin'ny mpianatra dia lazaina aminy ny zava-misy, ka asaina mandoa latsakemboka indray izy ireo ; navory ny ray aman-drenin'ny mpianatra ary nolazaina tamin'izy ireo izany saingy tsy nisy nanaiky ireo ray aman-dreny, satria efa nandoa sara-pisoratana tamin'ny fidirana, izay 30.000 Ariary isan-jaza ho an'ny mpianatra tranainy, raha 35.000 Ariary kosa ho an'ireo mpianatra vaovao. Rehefa tsy nisy ny vahaolana dia nanao fitarainana tany amin'ny BIANCO ireo FEFFI, ka niroso tamin'ny fanadihadiana ny teo anivon'ny Bianco, tamin'izany no nahitana ny fanodinkodinam-bola izay nataon'ity tale ity mitotaly 25.000. 000 Ar. Nandritra ny fanadihadiana ihany koa no nahitana ireo rosia hosoka izay natao, nentiny nanamarinany ireo vola laniny. Natolotry ny Bianco ny fampanoavana omaly alarobia 22 febroary moa ny raharaha, ka taorian'ny fakana ambavany dia nampidirina am-ponja vonjimaika ingahy talen-tsekoly izay sady mpandrindra ny GMMMAR: na Groupes Mamy jô Miara-dia amin'i Andry Rajoelina eto Morondava. Arahan'ny rehetra akaiky ity raharaha ity satria maro ireo miezaka miaro ity talen-tsekoly ity ireo tompon-andraikitry ny fampianarana ato Menabe, noho ny loko politika iraisan'izy ireo. Fa ny Bianco aty Morondava dia manao antso avo amin'ny rehetra, hiara- hisalahy amin'izy ireo, mba hanafoanana ny kolikoly.

Mbola tsy fantatra aloha hatreto ny fitsarana. Tsara ho marihina fa miisa 789 ireo mpianatra ao amin'ity CEG Centre Morondava ity. Etsy ankilany dia manao antso avo amin'ny minisitry ny fanabeazampirenena ireo ray aman-drenin'ny mpianatra, satria ireo mpampianatra mitaraina fa tsy misy ny enti-manana hanatanterahan'izy ireo ny fampianarana, ny ray aman-dreny koa sahirana tsy afaka ny handoa vola indray, ka tsy hay ny hiafaran'ny fampianarana ireo mpianatra. Raha ny fanadihadiana natao no nahahalana, fa maro amin'ireo sekoly ato Menabe no sahirana amin'ny fitaovam-pampianarana toy ny tsaoka, satria dia maro ireo volan'ny Fram no nanjavona, misy aza hatramin'ny PASCOMA tsy voaloa, ny volan'ny Caisse ecole anefa hatreto tsy mbola henoheno ny hiaviany, ka ho olana ny famitana ny taom-pianarana ity ato Menabe.

***Rajepa***

Qualification CAN Côte d'Ivoire 2023

# Amin'ny 23 sy 27 martsa ny fihaonan'ny Barea sy Centrafrique



***Barea Can.***

Amin'ny alakamisy 23 sy talata 27 martsa 2023 ho avy izao, ny fihaonan'ny Barea sy ny « Fauves du Bas-Obangui du Centrafrique », eo amin'ny fifanintsanana hahazoana miatrika ny CAN 2023 ho tontosaina any Côte d'Ivoire. Lalao mandroso : alakamisy 23 martsa 2023, ho tontosaina etsy amin'ny kianja « Stade Barea Mahamasina ». Lalao miverina : talata 27 martsa 2023 any amin'ny kianja iray any Cameroun.

***Rainilita***

Rivodoza Freddy

# Nandravarava tamin'ny toerana nolalovany

Namakivaky an'i Madagasikara omaly tontolo ny rivodoza Freddy. Araka ny tatitra sy ny vaovao voaray, nandravarava tamin'ireo toerana nolalovany ity rivotra mahery vaika ity. Nanomboka tany Mananjary faritra Vatovavy nidirany an-tanety izy no namela takaitra tamin'ny faritra nolalovany, nandalo ny faritry ny afovoantany tany amin'ny faritra Amoron'i Mania, Matsiatra ambony, ka hatrany amin'ny nivoahany an-dranomasina, tany amin'ny faritra Atsimo Andrefana dia maro ireo rava vokatr'i Freddy. Araka ny tarehi-marika farany navoakan'ny BNGRC, na ny Birao Nasionaly mitantana ny loza sy ny tandindon-doza, olona 4 no namoy ny ainy vokatr'i Freddu, ka ny 3 tamin'ireo tototry ny trano tany Ambalavao faritra Matsiatra Ambony. 16660 kosa hatreto no isan' ireo traboina.

***Stefa***



## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**18/02/2023 hatramin'ny 25/02/2023**

- **GISELE** (Ambodivonikely Anosivavaka Ambohimanarina) 020 23 617 59/034 10 302 42
- **ANDRAVOAHANGY** (Andravoahangy près Epi d'or) 020 22 245 12/038 22 245 12
- **MIARO** (Galerie ARO Ampefiloha) 020 79 621 18 / 032 05 224 32
- **OCEAN INDIEN** (Analakely avenue de l'indépendance) 034 05 224 70 / 032 11 224 70 / 033 05 224 70
- **METROPOLE** (Antaninarenina) 020 22 200 25/020 22 675 22/033 15 200 25/032 07 101 71

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1405-02-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

AFK

# Mila ampivoarina ny endrika tontolon'ny tsena malagasy



Niainga tamin'ny takalo ny fihariana teto Madagasikara tany am-piandohana fahagola tany. Nanjaka ny fahamarinana ary nitoetra ny fanajàna ny lalàna na didy napetraky ny Mpanjaka.
Taty aoriana, rehefa nisy ny fifaneraserana ny tamin'ny vahiny, dia niditra ny vola izay niha-nahazo vahana tsikelikely teo anivon'ny fiainan'ny Malagasy, indrindra tamin'ny fahatongavan'ny Frantsay namatotra an'i Madagasikara tao anaty fanjanahana. Nahazo laka teo amin'ny tsena izany niaraka tamin'ny rafi-pihariana tandrefana, izay natao hiditra sy hamaka lalina amin'ny sehatra ara-toekarena. Niova araka izany ny fomba amam-piheverana sy toe-tsaina malagasy noho ny an-terisetra na amboletra natao'ny mpanjanatany. Mazava loatra, fa niova endrika tanteraka ny tsena malagasy vokatr'izany.
Raha atao dingan-dava, iarahamahita ny zava-misy eo amin'ny tsena malagasy, indrindra raha tsy hiresaka afa-tsy ny eto andrenivohitra. Mbola voatana na niitatra aza ireo toerana natao tsena naorina tamin'ny andron'ny faha-mpanjaka. Niova kosa ny fomba ny entam-barotra sy ny fomba fivarotana entana. Nisy ny tsara ny fivoarany, fa nisy kosa mamohehitra. Zovy no tsy mahalala ny haratsian-toetran'ny mpivarotra sasantsasany amin'ny entana amidiny? Misy ny hala-danja, ny endrika fisolokiana toy ny famontosana rano ny akoho amam-borona efa novolosana mba havesa-danja kokoa, ny fanararaotana amin'ny fampiakarana ny vidin'entana amin'ny fotoana samihafa, sns...
Amin'ny fomba ahoana no hanarenana izany hiverenan'ny toe-tsaina mendrika sy manintona mpanjifa na amin'ny toerana tsena aiza no aleha na aiza?
Ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK), dia manana ireo Andry fototra sivy hahafahana mitondra ny tsena sy ny seha-pihariana ho amin'ny endriny tsara kokoa. Manana ny fiheverany manokana izy amin'ny atao hoe tsena, fa tsy ilay tsena ankehitriny nofaritan'ny sehatra ara-toekarena manerantany nandritry ny taonjato maro. Voafehiny avokoa, ao anaty voka-pikarohana lalina nataony: ny momba ny mpandraharaha, ny vokatra atobaka eo amin'ny tsena izay voaara-maso ny fenitra takiana, ny fanomezan-danja ny mpanjifa. Mitàna andraikitra lehibe ao anatin'izany ireo Andry fototra sivy napetraky ny AFK. Izy ireo mifandray amin'ny alalan'ny rindrambaiko "Tenaïkos". Fitaovana iray lehibe io izay tsy mijery fotsiny ny momba ny maha olona, fa na ihany koa orinasa na fikambanana rehetra. Tsiahivina, hisy ny varavarana misokatra hotanterahany ny Alarobia 8 Martsa ho avy izao hanaovana dinidinika momba izany rehetra izany. Ny laharana ifandraisana: 0341746053.

**Aris**

Mananara Avaratra

# Miparitaka ny vola sandoka

Miparitaka ny vola sandoka amin'izao fotoana izao, satria vao omaly ny omaly dia nahatratrarana vola sandoka amin'ny sora-bola 20.000Ar miisa 126, mitotaly 2.520.000 Ar indray, no saron'ny avy ao anivon'ny Zandarimariam-pirenena Mananara-Avaratra faritra Analanjirofo. Telo ireo tratra ary anaovana famotorana ankehitriny. Koa satria resaka saropady sy mampitahotra ny maro ity resaka vola sandoka ity dia nanapakevtra nitondra fanazavana ho an'ny vahoaka any an-toerana tamin'ny fanazavana tao amin'ny fampahalalam-baovao'ny Radio Feon'i Mananara ny mpitandro filaminana. Nifototra indrindra tamin'ny fanentanana ny vahoaka ho mailo sy hahay hanavaka ny vola sandoka sy ny tena izy, fa indrindra ireo tantsaha sy ny mpandrahara mandinika, fa fanetry ben'ny firenena ny fivezivezen'ny vola sandoka eo amin'ny andavanandron'ny Malagasy, no nataon'ireo mpitandro filaminana tamin'izany.

***Fanja Aina***




*Ireo vola sandoka hita tany Mananara Avaratra.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 424**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0423)

***Mitsivalana***
- Kitoatoa
- OH
- Rehareha
- Amidy
- Niaiky
- Roa – Ndao
- Ao – Ray

***Mitsangana***
- Karatra
- EM – OO
- Tehina
- Ady
- Aoriana
- The – Idy
- Haka
- Asa – Toy (miv)

## TENY MIFANAPAKA **N° 424**




**Mitsivalana**

**1.** Tsy lavitra, akaikikaiky **2.** Seranana malaza – Mari-bola **3.** Hain-teny **4.** Foto-tenin'ny Mijanona (BL) – Marika **5.** Tovona – Vohitra masina **6.** Renintsoratra tsy mitovy – Maizina **7.** Maridrefy – Marary (miv) **8.** Anarina, lazaina **9.** Fanontaniana – Fanadinana **10.** Karatra – Ambany - Tamy

**Mitsangana**

**A.** Mikambana **B.** Toetra ratsy – Heno **D.** Nametraka fanontaniana **E.** Miaraka amin'ny laona (miv) – Eka **F.** Kapoka – Loko (miv) **G.** Hita amin'ny voninkazo **H.** Fenomanana **I.** Tsy ekena **J.** Nahodina – Fahita lavitra **K.** Fiandohan'ny aretina - Varotana

### *Valiny Teny mifanaraka 0423*

**Mitsivalana**

**1**.Manodidina **2**. Avy - Olona **3**. Mifanaraka **4**. Paika - Ha (miv) **5**. Na - Orana (miv) **6**. Niditra - Id **7**. RK - BNI **8**. Aizina **9**. EM - Noa - Soa **10**. Ady - Tsihy

**Mitsangana**

**A** Mampandre **B**. Avia - Ma **D**. Nifindra **E**. Akaikiny **F**. Dona - Zo **G**. Ila - Taitra (miv) **H**. Dorana **I**. Ina - Basy **J**. Nakarin(a) - OH **K**. Ahodinay

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka

**Neny sy ny filoha Marc Ravalomanana, nihaona sy nifampizara fahalalana, tamin'ireo mpampianatra sy mpianatra miomana ho mpitandrina, tao amin'ny FJKM Tranovato Ambatonakanga ny talata teo.**











TIAKO I MADAGASIKARA
TIM




Eo ambany fiahian'ny Filoha Marc RAVALOMANANA, mpanorina ny antoko TIAKO I MADAGASIKARA

*Fifampiarahabana tratry ny taona 2023*
*ho an'ANTANANARIVO RENIVOHITRA*

*Sady fanentanana ny vahoaka hisoratra anarana anaty lisitry ny mpifidy*

Zoma
24 Febroary 2023

09 ora
maraina

MAGRO
BEHORIRIKA